Fanidiana sisintany amin'i Maorisy 3

Mbola mangataka andro indray ny Fitondrana

Varotra sy fanjifana 6

Mety hiakatra koa ny vidin'ny savony ato ho ato

NY VALOSOA VAOVAO

Gazety miseho intelo isan-kerinandro
(Talata - Alakamisy - Sabotsy)

Facebook 5

Nahazo fahefana dia manitsaka ny ministra Imbiky Herilaza

www.gvalosoa.com
gvalosoa@yahoo.com
facebook : gazety valosoa rakoto

Sabotsy 20 novambra 2021 Laharana 1234 Vidiny : 400 Ar

Delestazy ora 2 omaly 7

Nisy tsy vanona nanapaka ny pylône ny Jirama

Filaharambe hanao lamba maity 7

Mijaly sy marary ny vahoakan'i Nosy-Be

TIM Alasora 2

Ho filamatra amin'ny fameloma-maso ny antoko

Rodoben'ny Mpanohitra RMDM 2

Amin'ny sabotsy 4 desambra mifankahita

Ritra i Mandrare 6

Miha-mafy ny mahazo ny mponina any Atsimo

Volleyball Analamanga 5

Hangotraka indray eny Ankorondrano

Daka kely

Andrasan'ialahy ho dangy indray ny pokona vao hakatona ny sisin-tany amin'i Maorisy a !

ANTOKO TIM ALASORA

Ho filamatra amin'ny fameloma-maso ny antoko

Vory marobe tao amin'ny Espace Planet M Alasora Avaradrano, ny mpikatroka Tiako i Madagasikara (TIM) manerana ny fokontany miisa 20 mandrafitra ny kaominina Alasora. Nitarika ny fotoana tao antoerana ny ben'ny Tanàna TIM, Jimmy Randriantsoa, niaraka tamin'ny mpanolotsaina voafidy tao anaty lisitry ny antoko TIM. Ny lahadinika tamin'izany dia ny fanomanana ny hetsika lehibe ho famelomamaso, na redynamisation ny TIM ao amin'ny kaominina Alasora ny 18 desambra ho avy io hanomboka amin'ny 9 ora maraina, ao amin'ny Espace Rilatsio Buffet By Pass. Teo ihany koa ny fanomanana ny fifidianana FOKTIM manerana ny fokontany 20, ka nomena toromarika tamin'izany ireo tompon'andraikitra vonjimaika isaky ny fokontany. Omena 15 andro ireto farany hanatanterahana izany, ka ny 3 desambra ho avy izao no hifidy ny COMTIM Alasora izay FOKTIM voafidy eo. Voaporofo nandritra ny fivoriana, fa antoko matanjaka ny TIM Alasora ; tonga avokoa ireo ekipa mavitrika namorona ny TIM teny Alasora hatrany amboalohany, fony mbola Tiako Iarivo nilatsahan'ny filoha Marc Ravalomanana ho ben'ny tanànan'Antananarivo izay niova ho Tiako i Madagasikara taty aoriana. Teo ireo ekipa tsy niala hatramin'izay, ary ireo mpikambana izay tonga vaovao taty aoriana. Niray feo ny rehetra, tsy misy intsony ny disadisa, fa tanjona tokana no hatrehina dia ny fametrahana ny filoha Marc Ravalomanana hitantana ny firenena indray. Ny ben'ny Tanàna Jimmy Andriantsoa dia nanantitrantitra, fa ilaina ny firaisankina, vonona ny tenany ka tsy hanao izay ahamenatra ny antoko TIM amin'ny fitantanana ny kaominina, fa Alasora Mandroso no tanjona araka ny tarigetran'ny filoha nasionalin'ny antoko TIM, ny filoha Marc Ravalomanana. Arak'izany, hiezaka ho filamatra Alasora amin'ny fameloma-maso ny antoko najoron'ny filoha Ravalomanana.

Vory lanona ireo mpikatroka TIM tany Alasora Avaradrano.

Helisoa

Rodoben'ny Mpanohitra RMDM

Sabotsy 4 desambra mifankahita

Sabotsy 4 desambra mifankahita eny amin'ny Magro Behoririka ny RMDM, araka ny nambaran'ny filoha lefitr'ity rodoben'ny mpanohitra ity avy any Toliara, Edouard Tsarahame, tamin'ity herinandro ity. Arak'izany miantso ny olona, hidina eny amin'ny Magro Behoririka izy ireo amin'io daty voalaza io. Hamory ny mpanaradia azy eny amin'ny Magro Behoririka ny Rodoben'ny Mpanohitra ho an'ny Demokrasia eto Madagasikara amin'ny sabotsy 4 Desambra izao. Araka ny nambaran'ny Pasitera Edouard Tsarahame nandritra ny valandresaka ho an'ny mpanao gazery teny Bel'Air, dia hampahafantarina ny vahoaka mandritra io fotoana io ny boky mirakitra fehin-kevitra 16 notapahana nandritra ny fikaonandoha nataon'ny lohandohan'ny mpanohitra teny By Pass tamin'ny volana Jolay. Raha tsiahivina, isan'ny teboka lehibe ao anatin'izany ny fitakiana ny fialan'ny Filoha Andry Rajoelina sy ny hananganana ny Repoblika fahadimy. Ankoatra izay, nomarihan'ny Pasteur Edouard Tsarahame, fa tsy hiova-hevitra ary tsy mangataka fiaraha-mitantana sy mitady seza amin'ny mpitondra ny eo anivon'ny RMDM. « Tsy mangataka seza izahay, fa miomana haka fahefana.

Ny filoha lefitry ny RMDM, Pasitera Edouard Tsarahame.

Handresy lahatra ny vahoaka masi-mandidy izahay amin'io fotoana io hakana izany fahefana izany », hoy io filoha lefitry ny mpanohitra io. Ankoatra izay, milaza ny hanao tolo-tànana lehibe ho an'ireo vahoaka may trano tany Farafangana ihany koa ny RMDM ny 4 Desambra izao io, hisy ny telethon hatao mandritra io fotoana io ao amin'ny Kianjan'ny Finoana Magro Behoririka.

Stefa

Raharaham-pirenena

Ataon-dRajoelina kilalaon-jaza ny demokrasia

Rahampitso Alahady 21 Novambra 2021 dia handeha mivantana ao amin'ny haino amanjerimpitondrana, ny resaka hifanaovan'Ingahy Filoha Rajoelina amin'ireo solontenan'ny ankizy voalaza, fa avy amin'ny lafivalon'ny nosy hono, nambara ihany koa fa hamaly ny fanontaniana avy amin'ireo ankizy ireo Ingahy Filoha. Efa elaela ihany Ingahy Filoha no tsy heno nitafatafa, satria na tamin'ny fahatongavany avy namonjy ny Cop26 aza dia tsy niatrika ny mpanao gazety izy. Tamin'ny Alahady 02 Mey 2021 izao no mba nisy ny fifanatrehany mivantana tamin'i Gascar Fenosoa, mpanao gazety tena mahaleo tena, fa hatramin'izay dia ireo mpanao gazety zanaka an-tranony ihany no mitafatafa aminy any amin'ireo haino amanjerim-pitondrana.

Ny azo antoka aloha dia tsy fandaharana mivantana ny handeha rahampitso, f'efa noraisim-peo sy sary mialoha ary ny fanontaniana hivoaka ao dia fanontaniana efa nomanina mialoha, ka fomba fotsiny ny manontany, f'efa nomena mialoha ireo ankizy mpanadina ny fanontaniana.

Raha nihaona tamin'ireo tompon'andraikitra avy amin'ny haino vakijery isan-karazany Ingahy Filoha tamin'ny volana Janoary 2020 dia nampanantena, fa hatao isambolana ny fihaonana amin'ny mpanao gazety, kanefa efa ho tapitra ihany ity ny taona 2021 tsy nisy ilay fihaonana nampanantenaina efa ho roa taona.

Mazava ny hevitr'Ingahy Filoha, fa ataony kilalaon-jaza ny demokrasia, ka sahiny tsotra izao ny tsy manatanteraka ilay fihaonana nampanantenainy kanefa ny fitafatafana amin'ny mpanao gazety dia tena endriky ny fisian'ny demokrasia azo tsapain-tanana, dia izao izy mody miala ilany amin'ny firesahana amin' ny ankizy, mamorona voambolana sadasada toy ny hoe ''demokr'ankizy", mazava ho azy fa kilalao sahala amin'ny ankizy manao tantara vato no hiseho, ary raha tena demokratika marina ity filohantsika ity dia ny fanovana ny Ceni sy ny Hcc no andrasana aminy, fa tsy ny resa-jaza izay fiheverana ny vahoaka Malagasy ho toy ny zaza bodo.

Ny Valosoa

NY TENY FIAINANA

"Ry malala, raha izany no nitiavan' Andriamanitra antsika, dia mba tokony hifankatia kosa isika."

I Jaona 4:11

Ny Valosoa sy fakafaka

Olan'ny Oniversite

Tokony hahemotra ny daty farany fisoratana anarana

Tsy afaka olana ny Anjerimanontolo eto amintsika. Araka ny fangatahan'ny maro eny amin'ny ambaratonga ambony amin'izao fotoana, tokony hahemotra ny daty farany amin'ny fisoratana anarana eny amin'ny Oniversite.

Tamin'izao faran'ny herinandro izao, dia marobe ireo mpianatra eny Ankatso, sampana EGS indrindra indrindra, no niteny fa tsy ara-dalàna tampoka ny fetra farany hanaovana fisoratana anarana, satria ny fepotoana fanaterana ireo dossiers feno miaraka amin'ny fandoavam-bola eny amin'ny banky samihafa, dia omaly zoma ohatra, nefa ry zareo mbola tsy manana ny vola ho entina eny amin'ny banky amin'izany, ny vatsim-pianarana rahateo mbola tsy azo, tsy misy fampiomanana.

Satria vao tamin'ny alarobia teo no nambara izany. Taitra tamin'izany ny tompon'andraikitra ka voatery nitady vola tetsy sy teroa ireo mpianatra maro vao nilahatra teny amin'ny banky omaly zoma, nefa mbola asaina miverina amin'ny alatsinainy ireo teny amin'ny BNI/Analamahitsy ohatra, fa tsy tratra, izay inoana fa hanimba ny fanaterana ireo taratasy eny amin'ny Anjerimanontolo. Vola 42000 ar, ny sarampisoratana anarana tsy maintsy aloa miampy ny vola fandraisana anjara ampahany 38000 ar ihany koa, izay efa mitotaly 40000 ar, ka mahatonga ny antsoantson'ny maro amin'izy ireo hanao hoe: asio fanemorana ny fe-potoana fara-fanaterana "Dossier" io, fa tsy rariny manara-penitra loatra. Fomba fiteny ny manara-penitra amin'izao fitondrana Rajoelina izao, ka manara-penitra toy izany koa ny tsy fahaizan'ireo mpitondra manomboka hatrany an-tampony, voalaza fa cerveau, hay mety cerveau fôpla ihany araka ny fitenin-jatovo.

Beharo

Ny Valosoa sy hadihady

Fitondrana Rajoelina

Mbola mangataka andro indray amin'ny fanidiana sisintany amin'i Maorisy

Tsy mbola voafehy tanteraka ny aretina koronaviriosy, na dia tsy misy intsony aza ny famoahana ireo tarehimarika manambara ny fivoaran'ny aretina.

Iaraha-mahalala fa matoa misy ny sekoly maromaro mikatona any Morondava Faritra Menabe, dia misy izay ilay aretina, nahazoam-baovao koa ny tany Vakinankaratra, Matsiatra Ambony, Nosy-Be, ary eto Antananarivo, izay vavahady idiran'ireo tonga amin'ny fiaramanidina dia tsy ferana, noho i Antananarivo tanàna isian'ny fifampikasohana be dia be.

Ny atsy amin'ny Nosy Maorisy , nosy mpifanolo-bodirindrina amintsika dia mazava ny fomba fiasan'ny minisiteran'ny fahasalamana, satria namoaka mazava ny tarehimarika, ka teo anelanelan'ny 8 Novambra hatramin'ny 14 Novambra 2021 dia nahatratra 11538 ny isan'ireo olona mitondra ny valanaretina koronaviriosy, 74 no maty kanefa ny 67,8 isanjaton'ny mponina no efa vita vaksiny, voalaza ihany koa fa efa ahitana ny '' variant delta'' atsy amin'ny Nosy Maorisy.

Raha ny tokony ho izy, tokony dia tokony handray fepetra avy hatrany ny fitondrana eto amintsika hanidy avy hatrany ny fifandraisana an'habakabaka amin'ny Nosy Maorisy , saingy indrisy fa sendra izay mpitondra mihanahana lava isika, zatra ny mitaredretra, ka amin'ny Sabotsy 27 Novambra 2021 indray hono vao hakatona ny fifandraisana amin'ny Nosy Maorisy.

Tsiahivina fa ny fangatahan'andro toy ny ataon'ny mpitondra izao, no nahatafiditra ny koronaviriosy teto amintsika ary ireo sidina nomena alalana niditra farany no nitondra ny aretina teto amintsika.

Ny mpitondra eto amintsika dia efa zatra milalao ny aim-bahoaka, noho izany ny mety amintsika vahoaka aloha dia tsy misy afatsy ny mailo hatrany, satria ny an'ireo mpitondra ireo efa hafa mihintsy ny azy ireo ny kajy .

Raha ny fandinihana azy dia mety ho efa tafiditra eto amintsika ilay aretina mahery vaika kokoa, amin'ity valanaretina coronavirus ity dia ilay variant delta, satria raha ny vaovao voaray avy any amin'ny faritra Menabe iny, ireo ankizy no anisan'ny lasibatry ny aretina amin'izao fotoana. Izay tranga izany, tsy dia nisy loatra nandritra ny nampihanaka be ny valanaretina covid-19 teto amintsika tamin'ny taon-dasa. Raha izao zava-misy eto amintsika, sy noho ny tsy firaharahian'ny fitondrana Rajoelina ny momba ity valanaretina ity amin'izao fotoana, mety tsy ho lavitra antsika ny fidirana amin'ny andiany faha-3 ny valanaretina, na ny 3ème vague! Koa dia samia mailo sy mitandrina ny tenany avy ny tsirairay dieny izao.

Ny Valosoa

Filohan'ny vondrona parlemantera TIM

Fanjakan'ny fampanantenana poakaty sy makety ny fitondrana Rajoelina

Naneho ny heviny momba ny raharaham-pirenena amin'izao fotoana ny filohan'ny Vondrona Parlemantera TIM, sady depiote voafidy tao amin'ny Boriboritany faha-5, Fetra Ralambozafivololona. Fahantrana lalina, fiainana sarotra, mila mahay maka lesona ny malagasy amin'ny ho avy, tsy hiverenan'izao fitondrana Rajoelina izao intsony, hoy izy. Tsy mbola nisy tao anatin'ny 60 taona mihintsy izany hoe firenena mahantra faha-3 maneran-tany izany i Madagasikara, ka fanamboarana kianja izay lazaina fa manara-penitra no hampandroso ka hihazakazahana, hany ka lasa an-jorombala ny sosialim-bahoaka hoy ity depiote TIM ity.Ny fidangan'ny vidim-piainana manginy fotsiny, ny gaboraraka amin'ny fitantanana ny harem-pirenena, ny kolikoly sy ny fanaovana ankitrano an-trano. Fanjakan'ny fampanantenana paok'aty sy maquette isak'izay miteny ny fitondrana Rajoelina. Ny fahatahorana ny mpanohitra tsy lazaina intsony. Santionan'ny zava-nitranga nandritra ny fitondran'i Rajoelina ihany ireo nanomboka ny taona 2009. Efa miha-manakaiky ny 2023, ka mila mitadidy ny tranga niseho rehetra ny Malagasy, ka tokony hisintona lesona mba tsy ho voafitaka foana. Manana zo hiaina tsaratsara kokoa sy mihoatra lavitra noho izao ny Malagasy raha ny harena misy eto, saingy raha izao mpitondra efa hita, fa manao tsinontsinona ny hetahetam-bahoaka izao no antenaina dia hijanona ho nofy ihany izany, hoy ihany ny depiote Fetra.

Stefa

Depiote Fetra, filohan'ny Vondrona Parlemantera TIM.

Fitsarana tsy milamina any Morondava

Mitaraina ny fianakavian'Itompokolahy Juliot

Raha tsiahivina ny tranga nisy dia ny alin'ny zoma 23 Oktobra 2020 dia nisy andian-dehilahy maromaro, nanakana teo amin'ny 4 chemin manoloana ny banky BNI Itompokolahy Masinto Juliot sy ny namany, rehefa hody avy namonjy manala azy vita bacc, ka nanontany izy hoe fa nanino zahay nefa dia vango sy tifitra big boos no azony ary vely tavoahangy. Ireo namany kosa dia nitsoaka rehefa nahita ireo fitaovana sy ny hamaroan' ireto olona namango azy ; nodarohan'ireo i Juliot ary tsy namelany raha tsy nalemy dia lasa ireto nahavanon-doza, fa ireo namany kosa izay niafina manodididina teo no nitondra an'i Juliot tany amin'ny hopitaly ary voatery nalefa niakatra tany Antananarivo izy noho ny ratra mafy nahazo azy, saingy indrisy nefa, fa teny andalana dia tsy tana ny ainy, ka nentina nipody ny razana. Nanao ny asany avy hatrany ny mpitandro filaminana raha vao nahazo ny tatitry ny zava-nisy, ka ny sabotsy 24 Oktobra 2020 vao mangiran-dratsy dia tratra ny iray antsoina hoe Julien, isan'ireo nahavanon-doza, ka nanonona ireto namany ireto : Toky ; Bebetho ; Dera sy Fortunah ary Randria, izay mbola tsy hita hatramin'izao, fa izy efadahy ireo kosa dia nampidirina amponja vonjikaika, fa ny mahagaga dia olona namono mpianatra an-tsitrapo (satria i Juliot dia isan'ireo naka bacc tamin'io) tsy ampy dimy volana akory no nidirany amponja dia nahazo fahafanana vonjy maika (L.P) avy any amin'ny cour d'appel Toliara i Dera sy Toky, fa i Julien sy Bebetho sisa no mbola voatazona vonjimaika ao amin'ny fonjaben'i Morondava. Hatairana ny an'ny fianakaviana raha naheno tamin'olona ny alin'ny 18 novembra 2021, fa mitsara ny ampitso 19 novembra 2021 ny raharaha, izay nahafaty ny zanak'izy ireo, ka avy dia niantso ny mpisolo vava azy ny rainy ary nanambara ny mpisolovava, fa tsy marina izany satria ny antotantaratasin'ady dia vao herinandro no lasa any Toliara araka ny fampahafantarana nataon'ny fitsarana taminy na dia izany aza dia niezaka niatrika ny fitsarana ny zoma 19 io ihany ny fianakaviana, satria ireo mpiaramianatra tamin'Itompokolahy koa efa maro no naheno. Rehefa tonga teny amin'ny fitsarana anefa, nojerena ny tableau d'affichage izay ipetrahan'ny fampahafantarana ny raharaha ho tsaraina dia tsy nipetraka teo mihintsy ny raharaha izay ho tsaraina amin'io andro 19 novembra 2021, izany hoe tsy misy fitsarana izany tamin'io andro io raha ny hita teo amin'io solaitra be io, satria tsy misy fandaharam-potoana ny andron'ny 19 novembra 2021 teo. Na dia izany aza dia nijery tany amin'ny lisitra fanampiny koa ny mpisolo vava, ka mbola tsy tao ihany koa ny mikasika ny raharaha nahafaty an'i Juliot nefa ireo nahavanon-doza izay voatana amponja vonjimaika dia noentina tao amin'ny efitranom-pitsarana ary ireo nahazo LP kosa dia tsy tonga teo. Marihina fa tsy nisy ny taratasy fiantsoana nalefan'ny fitsarana na ho an'ny mpitory na ho an'ny vavolom-belona niantomboka ny raharam-pitsarana tamin'ny sivy ora sy sasany, ka natao ny fiantsoana ny anaran 'ireo izay voakasik'ity raharaha ity dia ny mpitory sy ireo voampanga ary nanambara ramatoa filoha fa hahemotra amin'ny manaraka ny fitsarana ity raharaha ity, noho izany indrindra dia velom-panontaniana sy ahiahy ny fianakavian'Itompokolahy mikasika ny fahazoan'ireo nahavanon-doza sasany LP, sy ny tsy mbola nahitana ireo naman'ny nahavanondoza ary noho ny tsy nahazoan'izy ireo convocation nefa ny fitsarana saika natao omaly 19 novembra 2021. Noho izany dia miantso ny tompon'andraiktra ambony mba hijery sy hanaramaso akaiky ity raharaha ity, satria tadiavin'ny sasany ho matimaty fotsiny amin'izao ny zanakay satria na ilay fahazoana LP io ary dia misy mampiahiahy ihany, miantso anao Andriamatoa minisitry ny fitsarana, fa efa miely sy mirehareha ireto navandoza ireto fa manam-bola sy manana olona ambony hiady ho azy, hoy ny fitaraisan'ny fianakavian'ny maty.

Jean Patrick R.

I Juliot fahavelony.

TONONKALO

Mbola hotsaraina...

Ho anao an-dalam-pivarotana an`i Madagasikara,
Ka miketrika isan`andro ny hivoky miliara,
Saino ihany ka tsarovy ry olona tsy valahara,
Masina e ny tanindrazana ka mihemora sao dia tara!

Ho azonao ny volabe satria anao ny fahefana.
Tena handihy ny lava orona, ny bory satroka, karana.
Ianao hitonona ho mahery ka hitohy ny filibana,
Saingy misy fetra izany sady manam-piafarana !

Aza mino ianao fa hoe ho azonao ny fiadanana,
Raha kitapo feno vola no nofisinao hiondanana.
Ireo vahoaka miantso tody, trotraky ny hanoanana,
No hamoha an-torimaso anao ilay "maty am-pitsanganana"!

Ambohijatovo mody amboarina sy nasiana fanovana,
Fa i Tsimbazaza kosa, hay homena ny karana?
Efa tototry ny vola avy amin-dry zareo vahiny,
Ka hadino ny vahoaka ry mpitondra ankehitriny ?

Hatramin`ny valan-java-boahary izay mirakitra tantara,
No tadiavina hamidy sy hahazoana miliara ?
Hoy ny teninay : milera , mivokisa, mangalara,
Saingy mbola hotsaraina ianao ry olon`ny mapara !

DADAN `i ZINA (19-11-21)

An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Helisoa

Ny fanomanana ny fameloma-maso ny antoko TIM tany Alasora, natao tao amin'ny Espace Planet M.

MPANAKANTO « SAINA »

Mivoy ny « Rango »

Herinisaina Andrianaivo Jean Berthieu, no tena anarany. Saina, no nofinidiny hoentina eo am-pikirakirana ny mozika. Ilay vazo « Savika » no nahafantaran'ny maro azy. Zanak'i Amoron' i Mania i Saina izay miangaly ny « Rango ». Ity farany izay mozika fanaon'ireo mponina any Amoron'i Mania rehefa miasa toy ny fihosena tanimbary. Tsy misaraka amin'ny fampiasana ny zavamaneno kabôsy sy ny fanamiana mampiavaka ny Betsileo toy ny fampiasana ny loko marevaka miampy ny fisalorana ny lamba ny Rango. Ny horija betsileo no gadona mifanakaiky aminy.

Ho an'i Saina, manompana ny fikarohana ataony ho fampivelarana ny Rango, ity mpanakanto vao erotrerony ity. Ampahany amin'izany ny fampiarahana ny Rango amin'ny decallé. Andalana ihany koa ankehitriny ny fampivadiana ny Rango amin'ny dombolo. Ireo rehetra ireo no atao, hoy i Saina dia ny hahafahana mambabo ny sokajin'olona rehetra hankafy ny Rango manerana ny Nosy hatrany Dilambato. Mivoy mandrakariva ny soatoavina malagasy tahaka ny fihavanana, firaisankina anatin'ny tononkirany i Saina. Mirakitra hafatra mafonja sy mora raisina ho an'ny daholobe ihany koa ny sanganasany.

Ankoatry ny talentan'i Saina milalao ny Rango, havanana amin'ny filalaovana gadona avy amin'ny lafivalon'i Gasikara ihany koa izy. Naneho ny fahavononany hatrany hanandratra avo ny « Rango » ary hampivelatra ny mozika malagasy i Saina.

Lalasoa R.



Saina, tanora miezaka manandratra ny soatoavina malagasy.

Sakafo Ny Valosoa

Foza sy henakisoa indray, no laoka amin'ny Sakafo eto amin'ny gazetinao androany. Hatao ridritra izany, hasiana saosy tongolo sy voatabia ihany koa. Dia mazotoa homana tomoko.

NY VALOSOA sy Mahasoa

Ny soa azo avy amin'ny thym na ditâ

Ny soa azo avy amin'ny thym, na ditâ hoy isika Malagasy no Mahasoa eto amin'ny gazetinao androany. Laron-tsakafo manome hery izy, manamora ny fandevonan-kanina, miaro amin'ny otrikaretina sy ny mikraoba samy hafa koa.

NY VALOSOA sy Mahaliana

Ny tanànan'Ambolomoty any amin'ny distrikan'i Marovoay faritra Boeny

Tao aorian'ny fampahafantarana ireo tanàna tamin'ireo kaominina miisa 9, tao amin'ny distrikan'i Mahajanga faha-2 dia ireo tanàna amin'ny kaominina miisa 13, amin'ny distrikan'i Marovoay faritra Boeny indray, no ampahafantarina anao amin'ny pejy Mahaliana ity.

Ny tanànan'Ambolomoty dia renivohitry ny kaominina Ambolomoty, iray amin'ireo kaominina miisa 13 mandrafitra ny distrikan'i Marovoay. Any afovoany atsinanan'ny faritra Boeny no misy azy. Azo lazaina ho mbola iva toerana izy, satria 11 m ny haavony miohatra amin'ny ranomasina. Toy ireo kaominina ao amin'ny distrikan'i Marovoay, vokatra any ny vary. Ny haninkotrana isan-karazany: katsaka, mangahazo. Ny voankazo toy ny manga koa dia hita any Ambolomoty.

facebook NY VALOSOA Gazety miseho intelo isan-kerinandro (Talata - Alakamisy - Sabotsy) VAOVAO

Nahazo fahefana dia manitsaka ny ministra Imbiky Herilaza

Hetsika Montpellier : nahazo fahefana ilay IMBIKY HERILAZA dia nivadika ho olon-doza manitsaka. Nolazainy fa tsy misy gadra politika eto Madagasikara. Ka ankoatr'ireo noendrikendrehina, fa nikasa hamono ny SEG teo aloha, jeneraly Ravalomanana sy ny raharaha Apollo 21. Dia inona ireto olona ireto ? Mpitaingina bisikileta ve ? Sa mpanao hosodoko ? Mbola Rajonah, Rolly Merci, Beari Marcellin, Berija?…

Gabriel Ramarojaona : marina zany ! Arminah Elysoa : toerana ifandimbiasana io ka tsy maintsy hisy ny soa fianatra!

Nicole Andriamarosoa : ary toa matavy b sahady koa ty ministra... Loozaa!

Fizarana Lemizouu : nandiso fanantenana tanteraka, tsy nampoizina !

Daniel Razafiarison Ranaivoson : ny fahefana mampiova Zavatra a !

Nosy Rivomalala : hivaly ny ratsy atao ,tsy ho ela.

Morad Razakamanantsoa : mbola ho tsaraina...

Guenolet Prisly : mamy ny Vola de mahavita mivarotra fanahy am fahamarinana .

Rakotobe Mahagaga Hanitriniaina : Mr le ministre tazony ny zonao aza alaim-baraka ny rainao stp!

Ranaivorazo Feno : minisitra TGV ve tsy hanamarina ny fitondrana nanendry azy e ? inona mahagaga @ olona mpiara-misôsy e !

Tovo Razaka : tena loza ty !

Lovanirina Ratovondrahona : izay enie ilay hoe manampahaizana fa tsy misy fahendrena e!

Flavien Rakotonarivo : i Junior koa ilay niteny hoe azo samborina koa ny FMI fa mamoaka salan'isa diso be. Efa ho alefa hono ny mandat d'arrêt. Hihihiiiii!

Mi Kalo : inona zany no tokny atao @ Raoul ra ny eritreritrao?

Hetsika Montpellier : manginy fotsiny ireo nesorina tsy ho magistrat koa, ary nandefasana mandat d'arret international toa an'i Raoul Arizaka sy Fanirisoa Ernaivo.... Ity Imbiky Herilaza ity daholo izany.

Nosy Rivomalala : Tina Christinah mitodika aiza n'y sofinao s'y n'y masonao??? Ary ny VAVANAO ??? Normal ve,???

Sidiniaina Lothaire Marino : Nosy Rivomalala : manao fanahiniana rajakombazaha ve adinonareo io zao misy anakiray ohatra loza loza rajakombazaha mpanimba gasy.

Sidiniaina Lothaire Marino : Nosy Rivomalala : tena zay efa tsy rariny tsony, olona tsy lany tamn fifidianana no mitondra doublon marobe.

Nosy Rivomalala : Sidiniaina Lothaire Marino: Raha mbola radomelina eo an! rava ny fiainana eto , lasa apatride eto isika, tsisy hanaiky zany eto , fa aleoko mifanjevo @ reo an!

Sidiniaina Lothaire Marino : Nosy Rivomalala : marina tena marina.

Nosy Rivomalala : tsy maintsy miomana isika f'efa andohalika n'y ranombary efa an-kitrokely aza e!

Nosy Rivomalala : Sidiniaina Lothaire Marino : zany mitsy , tsy hanaiky tsika e!

Morad Razakamanantsoa : "Mbola mena ambanin'ny mena" izy, angamba...

Tina Christinah : sao ianareo no minia manampina ny masonareo sy manentsina ny sofinareo, ka manadino ny nataon'ireo olona lazanareo ireo !!

Hetsika Montpellier : Tina Christinah : ka mba lazao hoe inona no nataon'i Rolly Mercia ? Ka nampigadra azy 44 volana… Miandry ny valiteninao.

Hetsika Montpellier : ary raha nisambotra an'i Mbola Rajaonah, maninona no tsy misambotra an'i Rinah Rakotomanga ? Mbola andrasana koa ny valiteninao.

Hetsika Montpellier : ny an'i Berija sy Beari, fanehoan-kevitra no nataony. Raiso hoe ny rainao no maneho hevitra dia gadraina, dia mba ahoana ny fijerinao ?

Ninà Rakotoarivony : Hetsika Montpellier : asa mbola ho fantany fa an'olona manko Zao n'y Lelo dia hainy n'y manisina azy fa n'y iray andro ho tsaroiny io.

Nicole Andriamarosoa : Tina Christinah : refa tsy azo na tsy naharaka na tsy hay lay resaka d aza miteny kely akory. Kkkk!

Gaston Rabemihoatra: nahazo fahefana tokoa Imbiky Herilaza dia lasa olon-doza, mbola ho tsaraina koa io!

Roger Mandimbisoa: mody malefaka fiteny Ingahy Rainy, fa io no fositra amin'ny fanagadrana olona amin'izao fotoana.

TSIPY KANETIBE

Tafaverina avy any Espagne ny ekipa malagasy

Tafaverina an-tanindrazana tamin'ny alakamisy 18 novambra 2021 teo, ireo ekipam-pirenena amin'ny taranja Tsipy kanetibe, rehefa avy niatrika sy niaro ny voninahi-pirenena tamin'ny fiadiana ny amboara eran-tany natao tany Espagne. Noho ny fanarahana ny fepetra ara-pahasalamana tsy maintsy narahana, ka iandrasana ireo mpilalao nihiboka any amin'ny hôtely dia mbola ho lazaina amin'ny fotoana mahamety azy ihany ny lanonana fandraisana azy ireo amin'ny fomba manetriketrika. Tsiahivina etoana aloha ireo vokatra azo tany Espane : ■ Champion du monde de "tir de précision" : -Faneva Ramanandraitsiory ■ Vice champion du monde triplette : - Hasina Manampisoa Rajerisoa - Hery Mampandry Rakotomalala - Herizo Mahandry Rakotomalala - Faneva Ramanandraitsiory.

Rainilita

Ireo mpilalao tafaverina an-tanindrazana.

Run "King Mobil Drag Racing"

Any Arivonimamo amin'ny 28 novambra izao

Any Arivonimamo amin'ny faha-28 novambra 2021 izao, no hanatanterahana ny andiany faha-3 amin' ny fifaninanana fanamoriana fiarakodia: Run "King Mobil Drag Racing. Fiadiana ny ho tompondakan'i Madagasikara andiany faha-3 amin'ity taona 2021 izy io, araka ny nambaran'ny Club Runmada mpikarakara azy ity teny Tsaralalàna tamin'ny alakamisy 18 novambra 2021 teo, sady hahafantarana izay mpanamory ho tompondakan'ny Oseana Indiana ihany koa, satria hisy teratany reoniôney handray anjara amin' ny fifaninanana. Halaviran-dalana mirefy 400 m no hifaninanana amin'izany. Efa nanomboka tamin'io 18 novambra io ny fisoratana anarana ho an'izay handray anjara amin'ny fifaninanana.

Rainilita

Amboara Run.

Volleyball Analamanga

Hangotraka indray eny Ankorondrano

Hangotraka indray eny Ankorondrano amin'ny fanatontosana ny fiadiana ny ho tompondakan'ny taranja volley-ball, eto amin' ny ligin'Analamanga sokajy seniors, anio sabotsy 20 sy rahampitso alahady 21 novambra 2021. Ireo lalao ankatoky ny famaranana sokajy lahy sy vavy, no tena handrasan'ny maro anio sabotsy ary ireo lalao famaranana kosa no hatrehina rahampitso alahady 21 novambra. Fandaharan-dalao anio sabotsy 20 novambra 2021 : -Gymnase Ankorondrano 07H00: BG FINAL BIAS # MVBC MF FINAL ASI # BIAS 2DF 1/2 FINAL SQUAD1 # SQUAD2 2DF 1/2 FINAL RVB # CCVB 1DF 1/2 FINAL AMVB#VBCD 1DF 1/2 FINAL BIAS # ASI 1DM 1/2 FINAL GNVB1 # POLE 1DM 1/2 FINAL GNVB2 # COSFA Terrain cité Itaosy 14H00 T1 JF GNVB # AFA CCVB # SQUAD T2 CG ASI # ASSM GNVB # VBCD T3 CF BIAS # VBCD ASI # GNVB.

Rainilita

Volleyball teny Ankorondrano.

FAMERENANA BASY TSY ARA-DALÀNA

Nahitam-bokany sahady ny tany Ambohimahasoa

Nahitam-bokany sahady ny famerenana ireo basy tsy ara-dalàna, tany amin'ny distrikan'Ambohimahasoa, faritra Matsiatra Ambony. Nidina tany amin'ny kaominina Isaka Ambohimahasoa, Fianarantsoa ireo zandary avy ao amin'ny vondron-tobim-pileovan'ny zandarimariam-pirenena Matsiatra Ambony nanentana ny mponina ny 16 novambra 2021 lasa teo, ka basy tsy ara-dalàna mahatratra 63 no azo sy tafaverina. Iray amin'ireo dia basy maherivaika raha ny 62 kosa dia basy vita tànana: 29 basy poleta, 33 basy lava. Raha tsiahivina, misy ny fanentanana iarahana amin'ny Ministeran'ny Fiarovam-prenena mahakasika ny iray volana, tokony hanaterana ny basy tsy ara-dalàna, izay mbola miriaria any, nanomboka ny 16 novambra teo, ka hatramin'ny 15 desambra 2021. Voafaritra fa tsy misy sazy na arakaraka izay mamerina izany ankitsipo, fa ao aorian'izay izay tratra mbola mitondra basy tsy ara-dalàna dia hihàtra ny sazy.

Ireo basy tsy ara-dalàna naverina amin'ny mpitandro filaminana tany Ambohimahasoa.

Niaina

Haintany

Miha-mafy ny mahazo ny mponina any Atsimo, ritra i Mandrare

Miha-mafy ny mahazo ny mponina any amin'ny faritra atsimon'i Madagasikara amin'izao fotoana noho ny haintany. Misotro ranom-potaka ny olona, satria ritra ny reniranon'i Mandrare any amin'ny distrikan'Amboasary Atsimo faritra Anôsy. Ritra tanteraka ny reniranon'i Mandrare. Latsaka tanteraka ao anatin'ny fijaliandrano ny mponina any an-toerana, izay miantso vonjy amin'ny tompon'andraikitra. Efa ela no nahenoana ireo mpamatsy vola sy tetik'asa ho an'ny Kere any Atsimo, saingy mbola tsy hita hatramin'izao izay tena vahaolana maharitra ho an'ny firenena manodidina ity Kere ity. Ny rano dia aina satria ny 60% amin'ny vatan'olombelona dia rano avokoa, ka io no tena fototra mahavelona noho izany. "Miandry ny rariny eto sisa ny mponina kanefa azo taritina aty amin'ny faritra mihitsy ilay tetik'asa Ifaho, izay isan' ny mamaha ny olan'ny tsy fisian'ny rano any Amboasary Atsimo tokoa"hoy ny solontenan'ny mponina any an-toerana. Mbola ho voavaha tokoa ve ity olan'ny rano izay mampijaly tanteraka ny mponina any Atsimo ity? Ny eto andrenivohitra aza efa mifanjevo amin'ny resaka rano, mainka fa ny any Atsimo izay faritra maina. Inona no tena vahoalana? Iza no tena tokony handray ny andraikitra? Raha izao fitondrana tsy alehany izao aloha dia tsy ahita vahaolana amin' izany.

Ritra Mandrare, mangady tany ny olona ahazoana rano.

Niaina

Varotra sy fanjifana

Mety hiakatra koa ny vidin'ny savony ato ho ato

Eo amin'ny sehatry ny varotra sy ny fanjifana, fantatra izao fa mety hiakatra koa ny vidin'ny savony ato ho ato. Mety hampakatra ny vidin'ny vokatra vokariny izay, ireo orinasa mpanao savony miisa 19 eto Madagasikara, raha toa ka ho lany eny Tsimbazaza ny volavolan-dalàna mikasika ny hetra izay aloan'izy ireo amin' ireo akora ampiasaina . Raha 10% izany teo aloha dia ho lasa 20% indray, no halain'ny fanjakana ao amin'ny tetibolam-panjakana 2022. Ankoatran'ny fiakaran'ny vidin'ny menaka, ny simenitra, ny vary, ny sarandalana dia mety hiakatra ihany koa ny savony ato ho ato, raha handany izany volavolan-dalàna izany ireo parlemantera: depiote sy senatera eto amintsika. Manao antso avo amin'ireo Solombavambahoaka, noho izany ireo mpandraharaha mpanao savony eto Madagasikara, mba tsy handany izany. Fitondrana tsy misy vola tokoa no misy eto amintsika, ka ireo efa mpandoa hetra ihany, no mbola tadiaviny hampitomboina ny hetra halaina aminy.

Ireo mpandraharaha eo amin'ny sehatry ny fanamboarana savony.

Stefa

Orinasa Ambatovy

Nanampy VOI miisa 3 amin'ny fanaraha-maso ny haren-javaboahary

Vondronolona ifotony (VOI) miisa 3, no nampian'Ambatovy amin'ny asa fanarahamaso ny haren-javaboahary. Miara-miasa akaiky amin'ireo vondronolona ifotony (VOI) ary manohana azy ireo amin'ny asa fiarovana sy fikajiana ny tontolo iainana manodidina ny Toeram-pitrandrahana ao Moramanga faritra Alaotra Mangoro Ambatovy, nanomboka ny taona 2011. Vondronolona ifotony telo, Ezaka sy Fandrosoana Ambohitranivo, Ambohimanarivo Ala Maintso ary Miaro ny Tontolo Iainana ao Ambatomainty, no notohanan'Ambatovy tamin'ny asa fanarahamaso ny haren-javaboahary (biby sy zava-maniry), ao anatin'ny faritr'ala izay tantanin'izy ireo, nandritra ny iray volana sy tapany mahery, nanomboka ny volana septambra ka hatramin'ny ôktôbra teo. Mpikambana 130 mahery avy amin'ireo fikambanana tantsaha telo ireo no nandray anjara mavitrika tamin'ity asa ity, izay atao isaky ny roa taona araka ny voalazan'ny bokin'andraikitra mifehy azy ireo. Nifantoka tamin'ny fampitaovana ny asa fanaraha-maso, ny tambin-karama ho an'ny mpandray anjara ary ny fampiofanana ireo mpikambana mikasika ny maha zava-dehibe ny fanaraha-maso ny biby, sy ny zava-maniry amin'ny fitantanana ny haren-javaboahary ny fanampiana nentin'Ambatovy. Hanampy ny VOI hahalala ny fisian'ny zavamananaina arovana, sy ny fitomboan'izy ireo ireny asa fanarahamaso ny haren-javaboahary ireny ary hanome azy ireo ny vokatry ny ezaka vitany tamin'ny fitantanana maharitra izany.

Manohana ny fizakantenan'ny mpikambana amina fikambanam-behivavy ao Moramanga Ambatovy

Manohy hatrany ny fanampiana ireo mpikambana eo anivon'ny fikambanam-behivavy ao anatin'ny faritra iasany Ambatovy, ho fandraisany anjara amin'ny fampizakantena azy ireo, sy fanatsarana ny faripiainany. Nomen'Ambatovy kojakoja ilaina an-dakozia ampiasaina amin'ny fanamboarana voankazo nahandroina sy henamborona milona, izay isan'ireo fidiram-bolan'ny mpikambana ao aminy, ny fikambanam-behivavy Kanto, ao Ambavaniasy, Kaominina ambanivohitra Ambatovola, ao Moramanga, ny 4 nôvambra 2021. Nahitana vilany, sotro sy sotrobe tsy mety harafesina, koveta, « moulin professionnel» iray, « mixeur » iray ary kesika vita amin'ny plastika maromaro ity fanomezana ity. Fikambanam-behivavy iray hafa, ao Torotorofotsy Menalamba, Kaominina ambanivohitra Andasibe, no notoloran'Ambatovy milina fanjairana efatra, ny 20 ôktôbra 2021. Sady ahodin-tanana no mety alefa amin'ny herinaratra ireo milina ireo ary hanampy azy ireo, hanatsara ny vokatra asa tanana vokarin'ny mpikambana ary amidy eo amin'ny tsena anatiny.

Nandray ny ONE sy ny Kômity teknika misahana ny fanombanana Ambatovy

Nandray ireo mpikambana ao amin'ny Kômity teknika misahana ny fanombanana (CTE), ny Ofisim-pirenena momba ny tontolo iainana (ONE) ary ny kômitim-paritra misahana ny fanarahamaso sy ny tontolo iainana (CSRE) ao Alaotra Mangoro sy Atsinanana Ambatovy ny 18 ka hatramin'ny 23 ôktôbra 2021 teo. Tafiditra ao anatin'ny fanarahamaso sy ny fanombanana ara-potoana ny fampiharana ny drafi-pitantanana ny tontolo iainana sy ny fampandrosoana ny lafiny sôsialy (PGEDS), sy ireo drafi-pitantanana manokana momba ny tontolo iainana (PGES), izay mamaritra ny bokin'andraikitry ny orinasa ary mitambatra ao amin'ny fahazoandalana eo amin'ny lafiny tontolo iainana ity fitsidihana ity.

Vaovaon'Ambatovy Lah 149, Alakamisy 18 nôvambra 2021

Nanome fefy vy makarakara 100 metatra ho an'ny Valanjavaboahary Ivoloina ao Toamasina Ambatovy. Nanohana ny antso nataon'ny Madagascar Fauna and Flora Group (MFG), fikambanana tsy miankina mitantana ny valanjavaboahary ao Ivoloina Toamasina Ambatovy, ka nanome fefy vy makarakara 100 metatra azy ireo, ny 3 nôvambra 2021. Misanda 8 tapitra ariary mahery ity fanomezana ity ary natao hikarakarana ireo tranon'ny gidro misy fahasimbana ao anaty valanjavaboahary. Tsiahivina fa manome lanja manokana ny fiarovana ny gidro Ambatovy ary manana drafi-pitantanana manokana ho an'ny gidro hita ao anatin'ny alan'Ambatovy-Analamay.

Niaina

Manampy fikambanam-behivavy ny orinasa Ambatovy, izay orinasa mpitrandraka Nickel sy Cobalt.

Mpiandry raharaha

PHARMACIES DE GARDE 13/11/2021 hatramin'ny 20/11/2021

- **SOARY** (Iadiambola Ampasapito) 020 22 410 58/032 11 248 05
- **PROVIDENCE** (Andohan'Analakely près ex cinema Rex) 020 26 407 27 / 034 52 002 90 / 033 13 481 42
- **RALISON** (Antanimena) 034 44 429 51
- **RASOLONJATOVO** (Anosy en face HJRA) 020 24 570 38/034 64 838 61
- **ANDOHATAPENAKA** (67ha sud Route FDC près station Galana) 020 22 670 70/034 02 670 70/032 12 670 70

HJRA (urgences) : 033 11 890 58 / 22 279 79

HOMI Soavinandriana : 22 397 51

Hopitaly Befelatanana : 22 223 84 / 22 6 N72 21

Hopitaly Loterana Ambohibao : 22 441 88 /22 485 17

Clinique des Soeurs Ankadifotsy :22 235 54

Ambulances municipales : 22 200 40
Jirama:
Telma : (22)3547 (n° vert) / Airtel :03 35 47 / Orange :032 32 3547

Pompiers : Tél : 118/ 22 250 18/ 22 225 66

Police : Hôtel Central de Police : 17 / 22 227 35 /22 357 09

1° Arrondissement Tsaralalàna : 22 280 54
2°Ambanidia : 22 309 46
3°Antaninandro : 22 291 30
4°Isotry : 22 280 51
5°Mahamasina :22 280 48
6°Ambohimanarina : 22 225 52
7°67 Ha : 22 291 29
8°Analamahitsy : 22 493 25
Brigade criminelle : 22 216 78 /22 210 29 / 22 674 83 na 84

GIR : 22 227 35

Gazetim-baovao miseho intelo isan-kerinandro
Vidiny: 300 Ar
Adiresy: lot T 70 Ankadindratombo

TALEN'NY FAMOAHANA :
Rahelisoa A.
034 79 07600

MPANAO GAZETY

Politika:
Isambilo: 033 24 783 65
Rajo: 033 80 022 53
Andry Tsiavalona 032 07 744 55

Toe-karena :
Aly : 033 18 382 88

Kolontsaina:
Aris: 034 17 460 53
Beharo : 032 02 557 89

Fanatanjahantena:
Lita: 033 41 557 69

Mailaka:
gvalosoa@yahoo.com
NATONTAN'NY
Imprimerie de la RN7

Fametrahana 1234-11-2021
Isan'ny natonta: 10 000

Tsy azo adika, na alain-tahaka, na antsaina ampahibemaso raha tsy ahazoana alalana vita soratanana avy amin'ny tompony

DELESTAZY ORA 2 OMALY

Nisy tsy vanona nanapaka ny pylône ny Jirama

Ilay pylône ny Jirama mpitondra rianaratra mahery vaika, nisy nanapaka tany Andriampamaky.

Tapaka ora 2 teo ny jiro tamin'ny faritra Analamanga omaly, ny anton'izany araka ny vaovao voaray dia nisy olon-tsy vanona nanapaka ny pylône ny orinasa Jirama tany Andriampamaky, distrikan'Anjozorobe, faritra Analamanga omaly. Pylône lehibe tokoa izany nisy nanjera izany, ka heverina fa olona maromaro sy efa niomana izy ireo no nanao izany asa ratsy izany. Noho izay antony izay, ny orinasa Jirama dia nanambara, fa homena valisoa 20 tapitrisa Ariary izay afaka manome vaovao momba ireo olondratsy nahavita izao heloka bevava tany Andriampamaky izao. Hiampy indray ny fahatapatapahan-jiro eto Antananarivo sy ny manodidina, noho izao fanapahana pylône izao, efa eo am-panarenana izany ny tompon'andraikitra amin'izao fotoana.

Aly

Filaharambe hanao lamba maity

Mijaly sy marary ny vahoakan'i Nosy-Be

Hanao filaharambe na carnaval mitondra lamba maity, na lamba jôby anio, ny mpisehatra amin'ny fizahantany any Nosy-Be faritra Diana, sy ny vahoaka ny an-toerana, ny antony araka ny nambaran'izy ireo, mijaly sy marary ny vahoakan'i Nosy-Be. Tao aorian'ireny valanaretina coronavirus ireny, tsy mbola tafarina hatramin'izao ny sehatry ny fizahantany any amin'ny Nosy Manitra, na efa miverina misokatra aza ny sisintany. Sahirana izy ireo, satria tsy mba nisy fanampiana avy amin'ny fitondrana azon'ireo mpandraharaha momba ny fizahantany any an-toerana, sy ireo mpisehatra rehetra amin'ity sehatra iray ara-toekarena mamelona an'i Nosy-Be ity. Nisy ny olona nahazo fanampiana tamin'ny faritra samihafa teto amin'ny Nosy, tamin'ireny krizin'ny covid-19 ireny, fa ny mpisehatra amin'ny fizahantany tany an-toerana dia tsy mba nahazo izany. Koa ho fanairana ny tompon' andraikitra, no anton'izao filaharambe hanao lamba jôby, any amin'ny renivohitry ny Ylang Ylang eto amintsika izao. Marary amin'ny mponin'i Nosy-Be ny tsy fisian'ny sidina avy any ivelany, tsy mijotso avy hatrany amin'ny seranam-piaramanidin'i Fascène. Amin'ny 8 ora maraina no hanomboka ity hetsika any Nosy-Be ity anio, hamakivaky an'i Hellville, ny fiaingana dia any amin'ny Châteaux d'eau any an-toerana.

Isambilo

Ny seranam-piaramanidin'i Fascène Nosy-Be.

BEHARO

Teny tondro (Ny Valosoa Vaovao)

N° 373



BL = Bory Loha
BR = Bory Rambo
MIV = Mivadika
MIK = Mikorontana

Misy ny teny Malagasy ofisialy sy ny tenim-paritra

Ohatra : Valy = Vady

Valiny Teny Tondro (0372)

Mitsivalana
- Borizano
- Anarana
- Rariny
- Iva – As
- Naka
- Faranana (miv)
- Aotra

Mitsangana
- Barika
- Vano (miv) – No
- Raràna
- Iry – Ana
- Zanakao
- Any – Tra (miv)
- Na – Ar (ariary)
- Tsofa

TENY MIFANARAKA N° 373



Mitsivalana

1. Lavaka be tsy takatra – Izay izany **2.** Bengy – Anisan'ny tale (miv) **3.** Fitaovam-pilalaovana – Enti-milaza **4.** Mampisafidy – Biby **5.** Toerana filalaovana – Mikoriana ao anaty (miv) **6.** Hazo marobe (BR) – Zanatsoratra mitovy – Kianteny **7.** Mpanondro – Aretina (miv) **8.** Tarika **9.** Milaza fananana – Saro-bahana **10.** Mpiasa omena vola

Mitsangana

A. Akanjo – Kary (BR) **B.** Tao – Tiana **D.** Biby masiaka – Fisotro (miv) **E.** Tapitra – Sahala **F.** Tampisaka – Manazava G. Sondrotra – Ao amin'ny Baiboly **H.** Mamarana ny teninay – Lamba mihaja **I.** Haja sy voninahitra – Naoty – Anelanelan'ny tany **J.** Entina any amin'ny toerany – Faran-teny **K.** Hita eo amin'ny vava

Valiny Teny mifanaraka 0372

Mitsivalana
1. Takolaka **2.** Roa - OM - Ome **3.** Ka (miv) - Ahitra **4.** Tantaraina **5.** Reraka **6.** Ao - Làlanao **7.** Valiny (miv) **8.** Trano - Fo (miv) **9.** Anay (miv) - Tra **10.** Anaovana

Mitsangana
A Tratra - Tia **B.** Aoka - Nareo (miv) **D.** Ka(remy) - RN (miv) - Ana **E.** Atelinao **F.** Loharano **G.** Amiraly - Ha **H.** Takalo **I.** Aoriana - Ta **J.** Man - Rova (miv) **K.** Re - Ako - Fay

An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Helisoa, Njaka

Ny fanomanana ny fameloma-maso ny antoko TIM tany Alasora, natao tao amin'ny Espace Planet M.